

n° 57

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny Fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Aprily 2023

## MIOMPY TRONDRO HAHATSARA NY FISAKAFOANA

### Itasy

Ampifandraisina ny fisakafoana sy ny famokarana : toy ny ataon'ny tetikasa ARENA (P. 3-4)

### Amoron'i Mania

Miompy trondro, loharanona proteina isan'andro (P. 5-6)

### Atsinanana

Mikolokolo ny fifandraisan'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina ny fiompiana trondro ! (P. 7)



Financé par l'Union européenne



## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Mahafaly ny ekipan'ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro » ny manolotra anareo ity laharana mikasika ny fifandrohizan'ny fiompiana trondro amin'ny fanjarian-tsakafo eo anivon'ny tokantranon'ny tantsaha malagasy ity. Tsy ny fampitomboana ny fidiram-bolan'ny tantsaha mpamokatra ihany mantsy no kendren'ny APDRA amin'ny fanohanany ny fiompiana trondro fa ny fanatsarana ny fahazoana sakafo ampy sy mahavelona any amin'ireo faritra iasany.

Anisan'ireo firenena tena tratry ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny endriny rehetra i Madagasikara. Mety ho maro ny anton'izany, tsy ny famokarana ara-pambolena sy fiompiana irery ihany no olana. Ny faritra Analamanga sy Itasy ary Vakinankaratra izay tena mpamokatra ara-pambolena sy fiompiana, indrindra ny legioma sy ny ronono, no ahitana ankizy latsaky ny 5 taona ianjadian'ny tsy fanjarian-tsakafo sy tara fitombo betsaka indrindra ! Manolona io zava-misy io dia mihevitra ny fomba sy fitaovana hampifandraisana bebe kokoa ny fitantanana ny famokarana sy ny sakafo eny ambony lovia ny mpianakavy ny mpisehatra ara-pambolena sy fiompiana ary fanjarian-tsakafo. Anisan'ny fanambin'ny tetikasa ARENA izany izay hijoroan'ny vehivavy mpiompy trondro sy mpanentana ara-pahasalamana vavolombelona ato.

Ny tsy fanjarian-tsakafo eto Madagasikara dia mifandray amin'ny tsy fahampian'ny proteina azo avy amin'ny biby, indrindra ny trondro (izay mitondra otrikaina mahavelona hafa) : trondro 5,7 kg/olona/taona monja no misy raha 11,7 kg/olona/taona ny filàna kely indrindra, araka ny fanambanan'ny OMS (Vondrona Manerantany misahana ny Fahasalamana). Mitàna andraikitra lehibe amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny fianakaviana noho izany ny fiompiana trondro, indrindra ny fianakavian'ny mpiompy trondro, araka ny voalazan'ny manodidina azy ireo any am-pamaranana ny gazety.

Mamakia finaritra !

Ny ekipan'ny FMT

## LOHAHEVITRA : Miompy trondro hahatsara ny fisakafoana

### Ny tsy fanjarian-tsakafo eto Madagasikara sy ny andraikitra ny Ofisim-pirenena momba ny Fanjarian-tsakafo

*Manazava amintsika ny zava-misy manodidina ny fanjarian-tsakafo eto Madagasikara Rasolonirina Havannah Britney, Tompon'andraikitra ny Fikarohana sy ny Fampandrosoana eo anivon'ny ONN (Ofisim-pirenena momba ny Fanjarian-tsakafo).*


#### FMT : Inona no atao hoe tsy fanjarian-tsakafo ary inona avy no vokat'izany ?

**Britney :** Roa karazana ny tsy fanjarian-tsakafo misy eto Madagasikara. Ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka izay miseho amin'ny alàlan'ny « zaza kely loatra mitaha amin'ny taonany ». Mampidi-doza tokoa io tranga io satria raha tsy misy fandraisan'andraikitra ao anatin'ny 1 000 andro (vao teraka hatramin'ny faha-roa taonan'ny zaza) dia tsy azo idifiana ny fiantraikany, miantraika amin'ny fandraisana fahalalana (fifantohana, fahafaha-mianatra zavatra...), ny vatan'ny zaza sy ny olon-dehibe (ambany ny fahafahany manohitra aretina) any aoriana. Mety ho azon'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka ny olona iray na dia ampy aza ny fatran-tsakafo haniny kanefa vitsy karazana.

Mahery vaika ny tsy fanjarian-tsakafo rehefa « mahia ny zaza na ny olona iray mitaha amin'ny halavany ». Taratra fa mahia loatra izy. Avy amin'ny tsy fahampian'ny fatran-tsakafo izany. Ny vokatry ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika dia mitovy saingy ratsy kokoa sady mety hiteraka fahafatesana kokoa. Ny tena tsy itovizan'ireo dia tsy hita maso loatra ny mariky ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka, mifanohitra amin'ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika.

#### FMT : Inona no olan'ny tsy fanjarian-tsakafo eto Madagasikara ? Mitovy daholo ve ny zava-misy amin'ny faritra rehetra ?

**Britney :** Marolafy ny antony mahatonga ny tsy fanjarian-tsakafo : tsy olan'ny tsy fahampian-bokatra sy sakafo fotsiny, mety ho olana mifandray amin'ny fahasalamana, ny fahadiovana, ny fanabeazana na ny fidiram-bolan'ny tokantrano ihany koa. Any amin'ny faritra sasany toy ny any Atsimo, ny tsy fisian'ny sakafo vokatry ny haintany mitohy no tena antony. Ho an'ny faritra hafa, misy ny sakafo saingy tsy voatrandraka araka ny tokony ho izy ary very fotsiny aza nohon'ny tsy fisian'ny teknika fanodinana sy fitahirizana. Eto Afovoan-tany, na dia betsaka aza ny vokatry dia natokan'ny tantsaha hamidy ny ampahany betsaka amin'izany ka izay ratsy kalitao sisa no ataony sakafo ao an-tokantrano. Ankoatra izay, tsikaritra ny tsy fahampian'ny



Tahan'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka teto Madagasikara tamin'ny taona 2021





# LOHAHEVITRA : Miompy trondro hahatsara ny fisakafoana

fahalalana mikasika ny lanjan'ny fanamaroana karazana ny sakafo, ny teknikam-pahandroana ahafahana mitahiry ireo singa mahavelona madinika indrindra ao anatin'ny sakafo sy ireo fomba fanao ara-pahasalamana. Mitaha amin'ny faritra hafa, tsara kokoa ny zava-misy any amin'ny faritra Atsinanana kanefa mbola mampanahy ihany, satria manodidina ny 37 isan-jaton'ny ankizy latsaky ny 5 taona no tratry ny tsy fanjarian-tsakafo. Isan'ny mahatonga izany ny fitokana-monin'ny faritra ambanivolo sy ny vokatra ny toetrandro (tafitra sy rivodoza), ny tsy fahampian'ny sakafo vokatra eo an-toerana ihany koa.

**FMT : Manoloana ireo olana ireo inona no andraikity ny Ofisim-paritra (ORN) sy ny Ofisim-pirenena momba ny tsy Fanjarian-tsakafo (ONN) ? Inona no vahaolana azon'ny ofisy sy/na ny mpiaramiombon'antoka entina ?**

**Britney :** Miasa ny ONN sy ny ORN mba hahazoan'ny olona marefo sy ny vahoaka malagasy rehetra sakafo ara-

pahasalamana, azo antoka, maro karazana sy mifandanja. Araka izany, ny asa rehetra mitondra any amin'io tanjona io, mifandray amin'ny fahasalamana, ny fanabeazana sy ny fahadiovana, dia arindran'ny ONN hahazoan'ny ORN manatanteraka azy.

Mifototra amin'ny fanomezan-danja ny fahamaroan'ny karazam-bokatra eny an-tsaha sy eny an-dovia ny paikady entinay. Ireo vondrona miombona tahiry (voamamy) dia ahafahana mamolavola fiofanana mikasika ny teknikam-pamolena nohatsaraina. Misy ihany koa ny tsirin-kevitra maro mikasika ny fanomezan-danja ny zava-misy, toy ny fiofanana momban'ny kalitao ara-tsakafo ny menaka avy amin'ny palmie. Ahitana fampisehoana enti-mampianatra fomba fikarakarana sakafo mahavelona mora ampiharina any an-tokantrano ny asa rehetra.

## Itasy

### Ampifandraisina ny fanjarian-tsakafo sy ny famokarana : toy ny ataon'ny tetikasa ARENA

*Nifarimbona tamin'ny tetikasa ARENA (Appui à la Résilience Economique, Nutritionnelle et Alimentaire des familles rurales vulnérables) natokana ho an'ny fianakaviana manan-janaka tratry ny tsy fanjarian-tsakafo ny APDRA, ny ORN ao Itasy sy ny ONG Agrisud International. Vehivavy mpiompy trondro telo mpisitrika ao amin'ny fokontany Antanety Est, kaominina Arivonimamo II, no tafahaona taminay.*

Eveline Rafanjasoa Voahirana sy Rahantaniaina Nomenjanahary dia renim-pianakaviana tanora roa izay mpisitrika tolotra ao amin'ny toby (mikarakara ny fanjarian-tsakafo) ary nahazo tohana tamin'ny tetikasa ARENA. Nahazo fiofanana amin'ny fiompiana trondro izy ireo ka afaka niompy tamin'ny tanimbary mirefy 2 sy 3 ara avy. Mialohan'ny niompiany trondro an-tanimbary dia tilapia vitsivitsy no azon'izy ireo rehefa miakatra ny vary. Mandritra ny vanim-potoanan'ny haintany, indrindra ny septambra-oktobra, vitsy ny trondro eny an-drenirano sy eny an-tsena, zara raha mihinana trondro izy ireo amin'izany. Tamin'ny taona 2022, nahazo karpa 9 kg i Voahirana. Notahiriziny tao anaty lavaka tao an-tanimbary ireo nandritra ny volana jona ary nalainy tsikelikely hohanin'ny fianakaviana, ka nahafahan'izy ireo nihinana trondro in-dimy

isan-kerinandro. I Hanta kosa dia nahazo 12 kg izay nivarotany 3 tamin'ny vidiny 14 000 Ar, ka nahafahany niantoka ireo filàna vonjy maikan'ny fianakaviana. Notahirizina ny ambiny ary nohanina tsikelikely nandritra ny volana jona. Afa-po amin'io fiompiana io i Voahirana sy Hanta : « Tsy mitaky asa betsaka ny fiompiana trondro mitaha amin'ny fambolena hafa fa mora [...]. Ny tombony amin'ny fiompiana trondro dia ny fahafahana mihinana sady mampidi-bola ihany koa ». Ambaran'izy ireo fa « mitombo tsara » ny zanany vokatra ny asa famokarana ampiroboroboan'ny ARENA (voly anana sy legioma, fiompiana vorona, trondro, ...).

Mpiompy trondro ihany koa Rafaramiadana Noelisoa Caroline, sady mpanentana ara-pahasalamana (AC) ao amin'ny fokontany hatramin'ny taona 2018. Hitany fa samy hafa amin'ireo tetikasa momba ny fanjarian-tsakafo teo aloha ny fomba fiasan'ny ARENA izay mampiaraka ny tohana anatsarana ny fanjarian-tsakafo amin'ny teknikam-pamokarana (fomba fiasa LANN, jereo ny lahatsoratra manaraka) : « Teo aloha dia ny fanentanana mikasika ny fanjarian-tsakafo sy ny fampisehoana ara-nahandro no tena nataonay. Fantatry ny renim-pianakaviana araka izany ny fomba hampisakafoana ny zanany saingy tsy nanana vokatra hampiharana ny torohevitra azony. Manana vokatra maro kokoa izy ireo ankehitriny : legioma, akoho, trondro izay vokariny hohanin'ny fianakaviana, mbola manana ambim-bava azony amidy aza hividianany izay tsy ampy. Tena hita ny fahasamihafana : teo aloha dia 6 % amin'ny ankizy latsaky ny 2 taona ihany no manana lanja sy halava mifandanja tsara, mariky ny fisakafoana tsara. Manodidina ny 30 % izany ankehitriny ».



Voahirana (ankavia) sy Hanta (ankavanana), vehivavy mpiompy trondro ao Antanety Est, Arivonimamo II

# LOHAHEVITRA : Mpiompy trondro hahatsara ny fisakafoana

Ankoatra ny fanentanana amin'ny fanjarian-tsakafo dia manohana ny asan'ny vehivavy mpiompy trondro 9 hafa ao an-toerana i Caroline. Narindrany ny fiaraha-mividy zana-trondro ho an'ny taom-pamokarana voalohany, nametraka

famokarana zana-trondro iraisana ao amin'ny tanin'ny vehivavy mpiompy iray izy taorian'izay. Mifandimby amin'ny ACP ihany koa izy eo amin'ny lafiny teknika.

## Vakinankaratra

### Tetikasa SANUVA : Fahampian-tsakafo sy fanjarian-tsakafon'ny tokantrano tantsaha ao amin'ny faritra Vakinankaratra

*Hatramin'ny volana aprily 2022, ny tetikasa SANUVA, izay nohamafisin'ny traikefan'ny tetikasa ARENA, dia manatanteraka fomba fiasa mitovy any amin'ny kaominina 16 ao Vakinankaratra. Ny Vondrona Eoropeana-Commission de l'Océan Indien no miaramamatsy vola raha ny ONG Agrisud International, ny APDRA, ny ONG Agronomes et Vétérinaire Sans Frontières, ny GSDM, ny Fitaleavam-paritry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono sy ny ORN Vakinankaratra no manatanteraka asa.*

Nisy fanadihadiana mikasika ny fanjarian-tsakafo natao tany am-piandohan'ny tetikasa hamaritana ny zava-misy ara-pamokarana sy ara-panjarian-tsakafo eo amin'ny tokantrano mpisitraka. Nivoaka tamin'izany fa tratry ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka ny 54 isan-jaton'ny ankizy, izany hoe tara ny fitombony. Tsy ampy lanja ny 27 % amin'izy ireo, 6 % amin'ny zaza latsaky ny 5 taona no ianjadian'ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika, izany hoe mahia loatra mitaha amin'ny halavany. Nokajiana ihany koa ny « naotin'ny fihinanana sakafo ». Io tarehimarika io dia mandray ny fahamaroan-karazana sy ny hatetiky ny fihinanana sakafo. 42 ny naoty farany ambany izay maneho ny fisakafoana « azo ekena ».40,8 izany teo amin'ireo mpisitraka ny tetikasa, tamin'ny volana jolay 2022, kanefa aza ao anatin'ny vanim-potoana mbola maha-betsaka ny sakafo izany.

Hoenti-manatsara ny fanjarian-tsakafon'ireo tokantrano ireo dia mampiasa ny fomba fiasa LANN (*Linking Agriculture, Natural resources management and Nutrition*) ihany koa ny tetikasa SANUVA. Araka izany dia ireo fomba famokarana (fampitomboana sy fanamaroan-karazana ny famokarana manaja ny tontolo iainana), ny fanomezan-danja ny aorian'ny famokarana sy ny fanatsarana ny sakafon'ny fianakaviana no iasany. Ho an'i Victorine Rasendrasoa, mpanentana ara-pahasalamana ao Ambohipeno : « *Latsa-paka ao amin'ireo reny nisitraka ny fiofanana LANN fa tena tsy ampy ny mihinam-bary fotsiny, ilaina ny mihinana sakafo maro loko sy miovaova. Raha nihinana ny sakafo vokarin'ny aza izy ireo teo aloha dia tsy nihinana afa-tsy ny ambiny nifantenana izay amidy, izay tsy ahitana otrikaina mahavelona firy intsony. Nanova ny fomba fiainan'izy ireo ihany koa ny fiofanana satria efa atokan'izy ireo ny ampahany amin'ny vokatra atao sakafon'ny fianakaviana. Ary rehefa tsy manana vokatra intsony izy ireo dia mividy amin'izay vola eo am-pelatanany hanatsarana ny sakafo. »*



Reny mpisitraka ny tetikasa SANUVA



Rasendrasoa Victorine

#### « Toy ny vary sy rano an-tsaha tsy mifanary an-tanana tsy mifandao »

Amin'ireo teknikam-pamokarana manaja ny tontolo iainana atolotry ny tetikasa, tsara toerana ny fiompiana trondro an-tanimbary. Ny ohabolana malagasy « *Toy ny vary sy rano an-tsaha tsy mifanary an-tanana tsy mifandao* » dia manamafy ny fifamenoan'ny rano sy ny vary, na an-tsaha na an-tanana. Toy izany koa ny fiompiana trondro sy ny fanjarian-tsakafo. Ahafahan'ny tokantrano marefo mahazo proteina ny fiompiana trondro. Hita ao anaty sakafo toy ny hena, ny trondro, ny atody ary ny voamadinika mantsy ny proteina. Manan-danja amin'ny fiasan'ny selan'ny vatana, ny fitombon'ny nofo io singa io ary ahazoana manarina ny fahasimban'ny vondron-tsela. Ao amin'ny sokajin'ny « sakafo mpanome hery fanorenana » no misy azy. Mba ahafahan'ny vatana miasa tsara dia tokony ho proteina ny 12 hatramin'ny 15 isan-jaton'ny sakafo hanina isan'andro. Ny fihinanana trondro araka izany dia fototra enti-miady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Ny fiompiana trondro an-tanimbary dia ahafahana mampitombo ny voka-bary sy ny fahazoana trondro. Io fiakaran'ny vokatra io no singa mahatsara ny fisian'ny sakafo sy ny fihenàn'ny halavan'ny fotoanan'ny maitso ahitra. Ankoatra izay, hanim-pitoloha ny trondro ary ankafizin'ny tokantrano malagasy manokana.



## LOHAHEVITRA : Miompy trondro hahatsara ny fisakafoana

Analamanga sy Itasy

### Fiantraikan'ny fiompiana trondro amin'ny fihinanana trondro sy ny fanjarian-tsakafo

*Tamin'ny taona 2022, teo anivon'ny tetikasa AMPIANA 2, dia nisy fanadihadiana natao mahakasika ny fifandraisana misy eo amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary sy ny famaliana ny filàna ara-panjarian-tsakafo. Hamantarana ny tena zavamisy iainan'ny mpiompy trondro ka hamaritana ireo asa hanatsarana ny fiantraikan'ny fiompiana trondro an-tanimbary eo amin'ny fanjarian-tsakafo no tanjona.*

Ny fandinihana ireo toetoetra ara-tsosialy sy ara-toekaren'ny tokantrano (isan'ny olona iray trano, fari-pahaizana, fidiram-bola, sns.) ary ny fampiharana momban'ny fiompiana trondro an-tanimbary (velaran-tany, kojakoja enti-miasa, famokarana, sns.) no asa voalohany natao. Nifantoka tamin'ny fihinanana trondro sy ny fahampiana ary ny kalitaon'ny sakafon'ny fianakaviana ny fanadihadiana taorian'izay. Nasehon'ny fanadihadiana fa anisan'ny nampihena ny halavan'ny fotoanan'ny maitso ahitra teo amin'ny mpiompy maro ny fiompiana trondro an-tanimbary. Mifandray amin'ny fiakaran'ny voka-bary (voalazan'ireo nohadihadiana fa 25 % raha kely indrindra ny fitombon'ny vokatra) sy ny fidiram-bola fanampiny ateraky ny fiompiana trondro izany. Hita nisongadina io fihenàna io tany amin'ny mpamokatra zana-trondro : 60 % amin'izy ireo no nilaza fa niaina ny fotoanan'ny maitso ahitra teo anelanelan'ny desambra sy martsa talohan'ny niompiany trondro an-tanimbary raha 30 % sisa no nahatsapa izany taorian'ny fampiharana ny fiompiana. Mifandraika amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra mantsy ny fivarotana zana-trondro ka ahafahana manatsara ny sakafon'ny fianakaviana ny vola miditra.

Tomboka iray hafa nisongadina ny fiakaran'ny fihinanana trondro. Any amin'ny kaominina tsy mbola iasan'ny tetikasa, 53 isan-jaton'ny tokantrano (mpiompy trondro vaovao) no milaza fa tsy mihinana trondro ankoatra ny amin'ny fotoana maha-betsaka izany (april-may-jona) ary ireo izay mihinana dia indray isam-bolana eo ho eo. Mifanohitra amin'izay no hita any amin'ny kaominina izay iroboroboan'ny fiompiana trondro an-tanimbary, 22 isan-jaton'ny tokantrano ihany no tsy mihinana

trondro amin'ny fotoana tsy mahavokatra azy (ary 3 % monja eo anelanelan'ny aprily sy jona) ary ireo izay mihinana dia indray ka hatramin'ny in-droa isam-bolana eo farafahakeliny.

Araka ny fanadihadiana iray natao tamin'ireo mpisitrika ny tetikasa miisa 5, izay mpiompy trondro an-tanimbary tohanan'ny AMPIANA 2 anefa dia ankizy 21 % monja no mihinana sakafo maro karazana ary 16 isan-jaton'ny vehivavy fotsiny ! Nasehon'io fanadihadiana io koa fa miasa mihoatra ny 10,5 ora isan'andro ny 76 isan-jaton'ny vehivavy. Miantraika mivantana amin'ny fahasalamana sy ny fanjarian-tsakafon'ny zaza io asa mavesatra io satria mampihena ny fotoana atokana ho an'ny fikarakarana sakafo sy ny fikojakojana ny ara-pahasalamana.



*Deline, mpiompy trondro an-tanimbary tohanan'ny tetikasa AMPIANA 2 eo am-pahandroana sakafo taorian'ny fiakaram-bokatra.*

Amoron'i Mania

### Miompy trondro, loharanona proteina isan'andro

*Resy lahatra Rakotozafy Venance antsoina hoe « Ranasy », mpiompy trondro ao Manarinony, kaominina Tsarasaotra, distrikan'Ambositra, fa misy fiantraikany tsara amin'ny fahasalaman'ny fianakaviany ny fihinanana tilapia isan'andro.*

**FMT : Azonao tantaraina anay ve ny fiompiana ataonao sy ny fihinananareo trondro ?**

**Ranasy :** Tamin'ny taona 2021 aho no nanomboka niompy trondro. Nandritra ny taom-pamokarana 2021-2022 dia karpa 30 kg, tilapia 53 kg ary zanaka tilapia 1 500 no azoko tamin'ny velarana mirefy 40 ara. Ny volana septambra, fotoanan'ny maitso ahitra no ivarotako karpa matavy. Toy izany koa ny zanaka tilapia, 200 Ar ny iray, ny desambra sy febroary. Tilapia 7 kg fotsiny anefa no namidiko, nohon'ny fiangavian'ny mpiaramonina. Natokako ny ambiny, 46 kg, hohaninay 3 mianaka (ny

vadiko, ny zanako adolantsento ary ny tenako) ary nihinana isan'andro izahay. Mamintana aho isan'andro ka mitondra tilapia 5 na 6 eo, izay milanja 125 g eo ho eo raha atambatra.

**FMT : Inona no nahatonga anareo hihinana trondro isan'andro ?**

**Ranasy :** Nandritra ny valanaretina Covid-19 dia nisy fanentanana amin'ny fanamafisana ny hery fiarovana amin'ny alàlan'ny fihinanana proteina azo avy amin'ny biby. Izahay moa miompy akoho dia nihinana matetika saingy naharitra ny valanaretina ka tsikaritray fa hiteraka fatiantoka ho anay

## LOHAHEVITRA : Miompy trondro hahatsara ny fisakafoana

ny fihinanana izany matetika loatra. Nanomboka tamin'ny 2022 dia nanapa-kevitra aho fa hihinana trondro isan'andro. Ny trondro mantsy be proteina, ahazoana manamafy ny hery fiarovana sy manatsara ny fanjarian-tsakafy. Tsikaritro ihany koa fa nahazoanay hery bebe kokoa izany sady tsy mora reraka izahay rehefa miasa. Ary satria efa mihalehibe ny tena dia mila sakafo tsara. Hatramin'ny 2022, tsy nisy namonjy dokotera tato aminay na iray aza, talohan'izay anefa mandeha any in-droa isan-taona aho farafahakeliny. Ankoatra izay, tsy mankaleo anay ny mihinana trondro isan'andro satria kely ihany no haninay sady miovaova ny fomba fahandro : mendy, rehefa misy menaka, na lafihana anana. Lasa fahazarana ho anay ny mihinana trondro !

**FMT : Mbola hotohizanareo ve ny famokarana trondro hohanina ?**

**Ranasy :** Tanjoko ny hivarotra zana-karpa hampitombo ny fidiram-bolako, tsy maintsy atokako ho an'ny fiompiana tilapia hohaninay anefa ny 24 ara amin'ny tanimbariko. Mamporisika ny mpamaky ity laharana ity aho mba hihinana trondro,

indrindra ny vehivavy bevohoka sy izay manana kilonga ! Mila miompy trondro anefa vao afaka mihinana, ary soa ihany fa tsy sarotra ny fiompiana trondro an-tanimbary.



Mamintana Ranasy

### Matsiatra Ambony

## Atsaraina amin'ny fihinanana trondro ny fanjarian-tsakafon'ny fianakaviana

*Razafindravao Amélie Marie Olga, antsoina hoe « Zafy », dia monina ao Tatamenatra Tanandava, kaominina ambanivohitra Talata Ampano. Manambady izy, 4 ny zanany ary tantarainy amintsika ny fihinanan'ny fianakaviany trondro.*

« *Mahasoa ary mitondra hery ny fihinanana trondro* », anisan'ny lesona azo tamin'ny lalao<sup>1</sup> nokarakarina nandritra ny foara momban'ny fiompian'ny tantsaha trondro teto Matsiatra Ambony tamin'ny volana novambra teo io. Mankafy trondro ny zanako ary mora ahitana izany aty aminay. Miezaka ny hihinana matetika araka izany izahay, miovaova araka ny fotoana sy ny vola am-pelatanana anefa ny fihinananay izany. Marihiko fa ny trondro no tena ahazoanay proteina avy amin'ny biby satria tsy tia hena ny zanako. Tsy mahazatra anay ihany koa ny mihinana trondro maina.

Betsaka ny trondro eny an-tsena rehefa be ny rano ary ny vadiko dia manjono eny an-drenirano raha vao misokatra ny jono, volana desambra, hatramin'ny aprily. Im-polo mandeha izy ary mitondra tilapia tokony ho antsasa-kilao hilaofana vary isaky ny avy manjono. Ny febroary hatramin'ny aprily, maka vily sy pirina tapa-kapoaka (tokony ho 150 g) isan'andro hohaninay ny zanako. Taloha namidinay ny ampahany amin'izany fa amin'izao kosa dia haninay daholo satria fantatray ny tombontsoan'ny fihinanana trondro ! Ny volana desambra sy janoary, manihika izahay ary mihinana fozaorana 3 kapoaka isan'andro. Aorian'izay, ny febroary hatramin'ny may, tilapia avy eny an-drenirano no haninay. Ahitana tilapia ompiana sy tilapia entin'ny rano ao an-tanimbarinay. Tokony ho antsasa-kilao eo no haninay, indimy isam-bolana. Mihena ho 400 g izany ary lasa in-dray

isam-bolana rehefa tonga ny volana jona, jolay sy aogositra satria lany ny trondro vaventy sady tsy mampitombo ny trondro madinika ny hatsiaka. Ny aogositra sy septambra, miakatra ny karpa kanefa 1 kg isam-bolana ihany no haninay satria natokanay hamidy ny vokatra. Farany, amin'ny mahatantsaha, dia mamboly anana izahay ary ny famarotana ny vokatra no ahafahanay mididy trondro vonton-katsiaka antsasa-kilao isan-kerinandro eo anelanelan'ny aogositra sy martsa. »



Zafy eo am-pikarakarana trondro ho an'ny fianakaviany

<sup>1</sup>Lalao noforonin'ny GIZ eo anivon'ny Composante C-n'ny tetikasa PADM na Projet d'Aquaculture Durable à Madagascar



# LOHAHEVITRA : Mpiompy trondro hahatsara ny fisakafoana

Atsinanana

## Mikolokolo ny fifandraisan'ny mpianakavy sy ny fiaraha-monina ny famokarana trondro !

Mpiompy trondro i Lahady Justin, 76 taona izy ary monina ao Marosoroka, Ambalamangahazo – kaominina Niarovana Caroline, distrikan'i Vatomandry. Itondrany fanazavana ny fomba fitsinjarana ny vokatra trondro ao amin'ny tanàna misy azy.

« Vita ny doboko tamin'ny taona 2015 vokatry ny fanampian'ny mpikambana ao amin'ny fianakaviako sy ny vondrona mpiompy trondro misy ahy. Tamin'ny taona 2016 aho no nahavokatra voalohany ary tsapako fa fotoana firavoravoana sy fihaonana ny jono satria ny mpiompy namana rehetra sy ny zanako ary ny zafikeliko dia tonga mamonjy izany. Toy ireny fetin'ny Taombaovao na Fahaleovan-tena ireny, fotoana iaraha-misakafo sy ihinanana trondro. Aorian'izay no ivarotako trondro amin'ny vidiny mora : 6 000 Ar ny kilao ho an'ny mpikambana, araka ny nifanarahany, raha 8 000 Ar amin'ny hafa.

Mitoka-monina ny tanananay ka tsy mora ny mahita proteina azo avy amin'ny biby aty, indrindra ny trondro vao. Fotoana manan-danja ahazoanay trondro araka izany io fanjonoana matetika io ! Miisa 5 ankehitriny izahay mpiompy trondro ary miompy mandritra ny enim-bolana. Im-polo isan-taona no ampiakaranay vokatra, ahazoan'ny mpiara-monina mihinana trondro vao matetika araka izany. Trondro tokony ho 40 kg, karpa sy tilapia, isaky ny jono no vokarin'ny tsirairay. Iaraha-mihinana amin'ny andron'ny jono

ny 10 kg ary ny ambiny kosa amidy tolo-botsitra, atakalo (asa na vokatra hafa) na atao trosa. »



Lahady Justin eo amoron'ny dobony

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 56

« Iaina ny mamaky gazety hahalalana izay tokony atao mikasika ny fampiharana ny fiompiana trondro. Mitovy amin'ny manao fiofanana ny mamaky gazety ary mamohafoha ny ati-doha. » Ravaoavy Jean Chrysostome (Antanitsimivonana, Alakamisy Ambohimaha, Matsiatra Ambony)

« Hay ve azo amahanana zana-trondro ny lafarinina ? Azo hazavaina misimisy ve ilay karazana lafarinina ? Manao famoizana anaty dobo fampanatodizana koa izahay aty ka afindranay anaty tanimbary lehibe amin'ny alàlan'ny fantsona rehefa foy. » Rajomalahy Michel Angelo (Ankafotra, Ambalafandrampato, Matsiatra Ambony)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Kobam-bary atao toy ny lasopy kanefa tsy atao masaka be no ampiasaina eto, io no omena ny zana-trondro herinandro.

« Nahoana no tsy omen'ny teknisianina isan-tsokajiny ny sakafo omena ny trondro ? » Rabialahy Clovis (Ankazosoaravina, Anjoma Nord, Matsiatra Ambony)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Sakafon'ny zana-trondro hanatsarana ny fahavelomany no tena resahina. Ny fanamasahana organika mitondra sakafo voajanahary no tena miantoka io fahavelomana io. Azo atao ihany koa ny mamahana amin'ny akora izay misy eo an-toerana.

« Tsy misy mahasamy hafa ny sakafo amboarina sy ny praovandy vidina izany raha ny fitombon'ny trondro no jerena. Aleo mividy katsaka eto an-tanàna hanamboarana

praovandy. » Raonifanambinaniaina Samuelson, Rafaralahy Jeannot (Tambohobe, Anjoma Sud, Matsiatra Ambony)

« Manao ahoana ny fahaveloman'ny zana-trondro mandritra ny famindrana telo na dimy andro aorian'ny fahafoizana ? Misy teknika vitsivitsy azo atoro ve hanamorana ny famindrana mba hampihena ny fahafatesana na ny fahaverezan'ny olitra ? Zatra mamindra atody aho ary tsapako fa marefo noho ny atody ny olitra latsaky ny 5 andro. » Lefety André (Ambohipeno-lamborano, Vatomandry, Atsinanana)


**Valin-tenin'ny APDRA :** Ho an'ny karpa, 1 sm eo ho eo ny refin'ny olitra 5 andro. Marefo kokoa izy sady noana be satria vao nialàn'ny tranon-tsakafo voajanahary taorian'ny fahafoizana. Ny fepetra mampahomby ny famindrana dia : 1) mampiasa fitaovana tsy mandratra na mety hanohintohina ny olitra, 2) taterina anaty rano mangatsiatsiaka (manodidina ny 10°C) 3) atao vitsy an'isa eo ampitaterana, 4) tandremana tsy ho voadodona eo am-pandrotsahana azy ao amin'ny toerana vaovao ary 5) anomanana sakafo sahaza mialoha (rotifera, tamenak'atody). 6) ferana ny fisian'ny fahavalony ao amin'ilay toera-pamindrana (nohamainina tsara).

« Eo am-panandramana ny famindrana olitra latsaky ny folo andro aorian'ny fahafoizana aho ka misaotra ireo izay nizara ny traikefany. Mampanahy ahy anefa ny tsy fahafehezana ny fahavalon'ny trondro raha lehibe loatra ny toeram-panaparitahana na dia nohamainina aza. » Nirina Alexandre (Ambodisaina-Antanambao Mahatsara, Vatomandry, Atsinanana)

# SAMIHABA

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



1. Biby misy kirany miaina anaty rano
2. Fampitomboana vokatra
3. Fitsakoana sy filemenana ventin-kanina
4. Fitambaran'ny ray sy ny reny ary ny zanaka
5. Zavatra ahandroina ilain'ny vatana ka hanina isan'andro
6. Isaky ny misy andro mipoaka
7. Asa famelomana sy fiahiana ary fikarakarana biby

Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 56

1. Famindrana
2. Olitra
3. Zana-trondro
4. Famokarana
5. Fanatsarana
6. Famahanana
7. Fanalalahana

## Trondro sy ovy ary anandrano

### Fangaro :

- Ovy 1 kg
- Trondro 1 kg
- Anandrano
- Voatabia 1
- Tongolo maitso, menaka

### Fikarakarana

1. Masahana amin'ny rano ny ovy voavaofy sy voatetika vaventy
2. Manao saosy amin'ny voatabia
3. Arotsaka ny trondro, ny ovy, ny tongolo maitso ary ny rano
4. Arotsaka ny anandrano rehefa mihamarihitra ny saosy
5. Ampiana sira araka izay itiavana azy

Mazotoa homana ô !

Source : Recette de l'Office Régional de la Nutrition Itasy



© APDRA 2021



Image Racool\_studio sur Freepik



Image de azerbaijan\_stockers sur Freepik

Trondro sy ovy ary anandrano

### Mba fantatrao ve?

#### Ireo Vokatsoa azo avy amin'ny fihinanana TRONDRO

**MASO**

Misoroka ireo trangan'aretina mpahazo ny maso ny fihinanana trondro

**SAINA**

Mamparani-tsaina ny fihinanana trondro ka manampy betsaka ny ankizy amin'ny fianarana

**FO**

Misoroka ny aretim-po sy fahatsentsenan'ny lalan-drà ary Mampavitrika ny fihinanana trondro

**TAOLANA**

Sakafo mitondra hery sy tanjaka ny trondro ary tena ilaina amin'ny fitomboan'ny taolana noho izy be kalsioma


**FADIO NY MIHINANA TRONDRO TSY ARA-PANASALAMANA MBA HIBOROHANA NY ARETINA**

Misa avonina faingana indrindra atorian'ny mahatsiky azy ny loavan'ny trondro rehefa

Azo mifanona ireo trondro aniana fahazimbaho na misy olitra

Atao maaka à tsara ny trondro izay vao oharina

Manampy betsaka amin'ny ady amin'ny toy fanjorian-bakalo ny fihinanana trondro, miantaraka anisa (sary anelany) fanamarihana ny tarjan'ny fanampirosoana tovan-jaly Laharana fahiana



APDRA  
Pisciculture Paysanne  
Antenne Madagascar  
La Résidence Sociale  
Antsirabe - MADAGASCAR  
Tél. (261) (20) 44 489 89  
www.apdra.org  
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*  
Barbara Bentz

*Tonian'ny Fanoratana*  
Sidonie Rasoarimalala

*Mpanoratra*  
Mathilde Crou  
Wilfried Ramahafaly  
Marianne Rasoanantenaina  
Vola Ratiarivelo  
Faly Razanajato  
Julien Sadousty  
Arnaud Samy